RAMAMONJISOA REGIS

# Mandidy ny filoha Rajoelina hidina any amin'ireo Nosy Malagasy bodoin'ny Frantsay

Miangavy ny Filohampirenena Andry Rajoelina Andriamatoa Ramamonjisoa Regis, Filoha lefitra RMDM faritany Mahajanga, mba hanatanteraka fidinana ifotony any amin'ireo nosy Malagasy ary hijoro manoloana ny vahoaka, fa hamerina an'ireo nosy izay bodoin'i La Frantsa ireo. Nanohy fanazavana ity Mpanao Politika ity, fa mbola tsy nisy fanazavana sy fialan-tsiny ampahibemaso nataon'ny Fitondram-panjakana manoloana ny tsy fahatanterahana famerenana an'ireo nosy ireo amin'ny Malagasy talohan'ny 26 Jona 2020 lasa teo ary ny mampalahelo hoy Andriamatoa Ramamonjisoa Regis dia mangina tsy nahenoana feo ny Filoham-pirenena taorian'ny fanambarana nataon'ny Loholona Frantsay, izay nanamafy fa an'ireto farany ireo nosy ireo. Nanohy fanazavana ity Filoha lefitry ny Rmdm ity fa tsy tokony ho olana ho an'ny Filohampirenena ny hitady fiaramanidina hahafahana mankany any an-toerana satria tsy lavitra an' i Madagasikara akory izany ary tsy ho sakana ho an' ny Filoha ny mitondra mpitandro filaminana hiaro azy any an-toerana. Nilaza ity Mpanao Politika ity fa ilaina ny fanatanterahan'ny Filoham-pirenena an'io fihetsika io mba hahafantaran'ny vahoaka tsy mandady harona fa ny Malagasy tokoa no tompon'ny tany ary mijoro ny fitondram-panjakana hanohitra ny antsonjay ataon' ny firenena Frantsay. Nanamafy izy fa mieritreritra ny vahoaka ho dondrona ny fitondram-panjakana, ka nohararaotiny ny fisian'ny valaretina Coronavirus no tsy ahafahan' ity farany niroso tamin'ny fifampiraharahana niaraka tamin'ny Fanjakana Frantsay, izay efa natomboka tamin'ny taona 2019 ary ny mampalahelo hoy ity Mpanao Politika ity dia ny Loholona Frantsay indray no nandresy tamin' ny fifampiresahana natao herintaona aty aoriana. Tsy resahana intsony hoy i Ramamonjisoa Regis ny tsy fahatongavan'ny Filoham-pirenena nandritra ny fivorian'ny Firenena Mikambana, izay natao tany New York Etazonia ny herinandro lasa teo, mba nisintonana ny mason' izao tontolo izao mikasika ny raharaha nosy Malagasy ary ny tena mahamenatra hoy ity Mpanao Politika ity ny fahanginan' ny Praiminisitra manoloana ny fitakiana an'ireo nosy ireo. Nanohy ny fanehoan-keviny Andriamatoa Ramamonjisoa Regis, fa ny zavamisy eto amin' ny firenena dia korontanin'ny fitondram-panjakana ny Antanimierandohololona kanefa anisan'ny fitaovana lehibe nampiasain'ny firenena Frantsay amin'ny fibodoana an'ireo nosy Malagasy ny fijoroana sy ny firaisankinan'ny Andrimpanjakana misy ao aminy. Ny tena mahonena hoy ity filoha lefitry ny Rmdm ity dia tsy nisy fanohanana avy amin'ny fitondram-panjakana ireo ezaka nataon'ny Pastora Mailhol Kandida Filohampirenena, tamin'ny alalan' ny fanangonan-tsonia nataon'ity farany ho famerenana an'ireo nosy Malagasy tamin'ny taona 2018 ary lasa antso an'efitra fotsiny hoy ity mpanao politika ity ny hetsika fanairana ho fitakiana an' ireo nosy ireo, izay nataon'ny Fikambanana Apokalypsy niaraka tamin'ireo vondron-kery maro samihafa, izay natao tetsy amin' ny Kianjan'Ambohijatovo ny taona 2019 lasa teo. Namarana ny teniny izy fa tari-bato vilam-bava no nataon'ny Filoham-panjakana tamin'ny famerenana an'ireo nosy Malagasy ireo ary hiteraka tsy fifampitokisana eo amin'ny Mpitondra sy ny vahoaka izany fihetsika izany, ka hiafara amin'ny hatezerana sy tsy fankatoavana.



*Regis Ramamonjisoa, filoha lefitry ny RMDM avy amin'ny Faritanin'i Mahajanga.*

***Franck Razakambelo***

V.M.M.F

# Mitarazoka ny raharaha "ecran plat", mahavoasaringotra ny ministry ny atitany sy ny vadiny

Manao lakolosy fanairana ho an'ny tompon'andraikitry ny fitsarana ao amin' ny Pac (Pole Anti-corruption), ny Vmmf (Vovonana Malagasy Manarina ny Firenena), mba handray antanana ny fitoriana mikasika ny raharaha "Ecran plat", izay nahavoarohirohy ny Minisitry ny Atitany sy ny vadiny .Nilaza Andriamatoa Razafimanantany Faniry, Sekretera Jeneralin'ny Vmmf, fa efa ho iray volana sy tapany ireto farany no nametraka fitoriana teny anivon'ny "Haute Cour de Justice" ary "Favoritisme" sy ny "Conflits d'interêt" no fanenjehana niampangan' ny Vmmf ny Minisitrin'ny Atitany, izay mitantana ny Cco, fitoriana miaraka amin'ny vadiny. Nanohy nanazava izy fa hatramin' izao dia mbola tsy nisy fampiantsoana nataon'ny fitsarana ho an'ny mpitory sy ny Minisitra izay voakasik'izany. Manahy ny Vmmf, fa ho sokajian'ny tompon'andraikitrin'ny fitsarana ho vary mangatsiaka indray ity raharaha "Ecran Plat" ity kanefa dia mihazakazaka aok' izany ny fandraisana antanana ny fanenjehana an'ireo sokajin'olona tsy mitovy firehana Politika amin'ny fitondram-panjakana toy ny raharaha Claudine, ny raharaha Mbola Rajaonah, ny fanenjehana an'i Rolly Mercia sy i Berija, ny fisamborana ny tompon'andraikitry ny Cnaps teo aloha ary ny fisamborana an' ireo olona mitantana vondrona kaonty eny anivon'ny tambazotran-tserasera sy ny sisa... Nanamafy ny Sekretera Jeneralin'ny Vmmf, fa tsy afaka mibaiko ny raharahampitsarana ireto farany kanefa mampisongadina ny fametrahana ny fisian'ny mangarahara sy ny fanjakana tsara tantana ny fanafainganana an'ity raharaha "Ecran plat", izay nahavoasaringotra ny Minisitrin'ny Atitany sy ny vadiny ity, araka ny efa voalaza teo.



*Ireo avy amin'ny VMMF nitafa tamin'ny mpanao gazety.*

***Franck Razakambelo***

## Ny Valosoa sy fakafaka

### Tsy hisy raha manjary eto raha tsy mivaha ny olan'ny maro

Miditra amin'ny volana faha-10 amin'ity taona diavina ity sahady isika ankehitriny. Ny volana sy ny andro ihany no mitombo fa ny fiainam-bahoaka mifanohitra tanteraka amin'izany. Tsy tafarina ny fiainam-bahoaka , amin'ny ankapobeny ary ny firenena dia mbola milofika ao anaty fahasahiranana sy fahantrana lalina mandrak'ankehitriny. Tsy araka ny vava be natao tany amin'ny fampielezan-kevitra no miseho. Tsy adino ary hipetraka ho tantara ny nanambarana, fa andron'ny teknolojia izao, ary niedinedenana mihitsy tamin'izany fotoana izany ny nilazàna izany, toy ny hoe ao anaty volana vitsy dia hiova tanteraka ny fiainan'ny vahoaka Malagasy sy ny firenena. Ho môdelin'ny any ivelany sy indrindra aty Afrika i Madagasikara. Niedinedina teo imason'ireo kandidà mpifaninana aminy ny filohan'ny Repoblika ankehitriny Andry Rajoelina, fa tsy hisy toa azy ny rehetra. Aiza ho azia anefa ny zava-misy amin'izao fotoana izao?
Ny nanakianana ny filoha teo alohany amin'ny hoe delestazy ity mbola misy ihany, efa ho 22 volana aty aoriana ny nitondràny. Ny rano fisotro madio , tena ifaharan'ny fahasalamam-bahoaka, ny omaly tsy miova, fa mbola ao anaty olana tanteraka hatrany. Tsy nisy fivoarany ny fiainam-bahoaka, mijaly andro aman'alina amin'ny fatsakana rano manerana ny tanàna sy fokontany ary kaomina maro samihafa. Rehefa ny famatsiana jiro sy rano no tsy milamina, inona no mampiavaka ity fitondrana Rajoelina ity, izay niseho ho babany hatramin'izay?
Raha mpitondra marina sy feno fahendrena amin'ny fitantanam-pirenena dia tokony ho tsy hanam-pitoniana sy hilamin-tsaina tamin'ny fisiana zaza Malagasy namoy ny ainy noho ny hanoanana. Vaovao lehibe nipoitra tamin'ity herinandro ity izany nanjo ny zana-bahoaka izany tany Atsimon'ny Nosy. Ambolana maro no nahateo amin'ny fitondrana anao dia tompon'andraikitra amin'izany ny fitondrana. Ny fandaniana volabe tsy toko tsy forohana no nataon'ny fitondrana tamin'izay kajikajiny politika tao anatin'izany tamina sehatra samihafa sy figalabonana amin'ny harena sy fiadanana isan-karazany, kanefa etsy ankilany misy vahoaka fadiranovana miady amin'ny fahafatesana isan'andro. Fitondrana tsy mahaaro ny vahoakany.
Lavaka makadiry tsy tototry ny fitondrana ary tsy mampiraika azy rahateo ihany koa, ny fampiraisana hina ny vahoaka Malagasy sy ny fampihavanana azy. Natao tazan-davitra izany, raha ny fahitana azy, satria tsy nahitana fihetsika mihitsy na kely aza ny fitondrana ny amin'izay hanarenana sy "hitsaboana" izany. Heveriny mantsy fa ho vitavita ho azy amin' izao izany, hevi-diso sy fomba fiasa tsy mahomby tanteraka. Porofon'izany, iaraha-mahita ny kiaka mafy ataon'ireo lasibatra tamin'ny disadisa politika teto sy ny fandrahonany raha tsy mivaly ny fangatahany amin'ny zony tokony ho azony. Tsy hisy firenena ho vanona sy handroso amin'ny tena fampandrosoana marina raha tsy mivitrana amin'ny ankapobeny ny fiainam-piarahamonina n'inona n'inona fahaizana. Raha tsy mivaha ireo olana maro samihafa anaty fiainana sy raharaham-pirenena dia mbola ho sarotra no hiarenan'ity Nosy ity. Resa-be avokoa sy fampandriana adrisa ary fampanantenana poak'aty izay ambaran'ny mpitondra eo, raha tsy milamina ireny olana rehetra ireny, na mahavita teny tsara lahatra feno lambolambo fatratra toy ny fanaony hatramin'izay aza izy.

***Sôh'son***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao izao fanehoan-kevitra manaraka izao mahakasika ny vola Malagasy. Mahagaga tokoa fa tena hila ho takon'ilay fmg ny ariary, ka zara raha misy mahay. Ho ahy mety fahazaran-dratsy, ny mikaonty vola amin'ny fmg no haiko miohatra amin'ny ariary, na izany aza samy haiku avokoa ny mampiasa azy, saingy somary miadana kokoa ny fampiasako ny ariary. Raha ny fahitako an'izy ity, ny tsy mivaky loha no betsaka, fa ny ariary no tena vola Malagasy. Kelikely kokoa ilay vola raha ariary no resahana, fa raha vao fmg dia volabe. Aleo ny ariary ihany izany no ampiasaina. Sady mahakasika an'izy ity, ny olona any ambanivohitra dia tena havanana amin'ny ariary, izy ireo koa no maro an'isa eto amintsika, ka rariny raha ampiasaina hatrany ny ariary. Ilay fmg ny fahitako azy dia haingitraingitry ny olona an-tanàn-dehibe ny fampiasana an'io, far aha miezaka ny rehetra dia mora ihany ny fampiasana ilay ariary.

***Parfait Ramarosandy***
***Andaboly Toliara***